# AIZA NO HO TOERAM-PONENANAO?

Maro amintsika manana trano, na akany, antsoina hoe toeram-ponenana. Mety tsy dia ho tsara loatra noho ny an'ny hafa angamba izany, na feno fanaka sarobidy, nefa dia azo lazaina hoe: io no toeram-ponenantsika. Eny mety efa namangy tokan-trano hafa angamba ianao na efa nanao fitsidihana toeran-davitra, na nanao fivahiniana tany amin'ny toeran-kafa; nefa dia faly indray ianao nahita ilay akany kelinao. Mety maro tokoa ireo toeram-ponenana efa nivahinianao izay azo lazaina fa tena tsara sy maha te-hotia, nefa tsy natao ho toeram-ponenanao raikitra izany. Na dia eo anefa izany rehetra izany dia misy toeram-ponenana iray tsy hita maso isarihana ny fo amam-panahinao, izay efa vonona tokoa handray anao raha mety hianao.

**SAMY MPIVAHINY AVOKOA ISIKA REHETRA ETY AN-TANY.**

Voalazan'ny tenin'Andriamanitra tokoa mantsy fa samy vahiny sy mpivahiny avokoa isika rehetra eto amin'izao tontolo izao ity (1 Pet. 2:11; Heb. 11:13). Ka na dia tsara fanorenana aza ny trano fonenantsika ety dia tsy haharitra izany; mihasimba tsikelikely ny rindrina, manomboka mitete ny tafo, izany dia vokatry ny toetr'andro sy ny rivo-doza, ary ny hiafarany dia tsy maintsy hirodana ihany izany trano izany indray andro any. Aoka ary ho fantatsika tsara fa tsy misy trano haharitra mandrakizay ety antany. Fa fotoana voafetra ihany no haha-



retany, ary ho korotam-bato tsy hisy endrika intsony no tsy maintsy hiafaran'izao tontolo izao ity. Diniho kely ange ny manodidina antsika e: fa izay rehetra hita maso, dia tsy haharitra fa marefo, mandalo, eny hatramin'ny toeram-ponenantsika io koa aza.

## HATRAMIN'IZAO ANEFA DIA EFA MISY TOERAM-PONENANA HAHARITRA MANDRAKIZAY HO ANAO.

Ny olona tsirairay, na fantany na tsia, dia efa manana toeram-ponenana haharitra mandrakizay ho azy. Handray ny toeram-ponenana io isika indray andro any rehefa mifarana ny fianantsika ety an-tany ka alevina ao am-pasana ny nofontsika. Fa ny fanahintsika kosa dia hiditra any amin'ilay toeram-ponenana maharitra mandrakizay, ary tsy vahiny intsony isika any fa honina ao mandrakizay.

Misy toerana iray antsoina hoe farihy afo sy solifara izay hisy ny antikristy sy ny mpaminany sandoka, toerana efa nanipazana ny devoly sy ireo izay tsy voasoratra ao anatin'ny bokin'ny fiainana ny anarany (Apok. 20:10-15). Koa ao anatin'izany afo mivaivay izany no hisy ny fijaliana mandrakizay, hafanana tsy ho zakan'ny olombelona, izay hisy ny fitomaniana sy ny fikitrohanify arahan'ny latsa, eso ataon'ny devoly, ary feno fanarabiana. Izany rehetra izany dia hampitombo ny fahoriana mahatsiaravina amin'izany toerana izany ary tsy hisy fampiononana na fanampiana azy intsony ho an'ireo fanahy rehetra voaheloka, ao anatin'ny tebiteby, horohoro, fahoriana lehibe, vokatry ny nanaovana tsinontsinona ny tenin'i Kristy. Io no toeram-pijaliana antsoina hoe: **farihy afo,** toeram-ponenana mandrakizay ho an'ny mpanota rehetra tsy nety nibebaka, araka ny voasoratra hoe: "samy efa nanota izy rehetra ka tsy misy manana ny voninahitr'Andriamanitra." (Rom. 6:23). Io no toerana hisy ny mpijangajanga, ny olona tsy marina, ny mpanompo sampy, ny mpanao ody ratsy rehetra, sy izay rehetra feno fankahalana ao anatiny, feno fialonana, ary feno lainga. Ao koa ny mpimamo, ny mpangalatra, ny mpamitaka, ny olona tsy mahatoky, ny mpamono olona, ny mpampiady sy tia ady, ny kamo, ny mpirehareha, ny osa, sy izay rehetra tia an'izao tontolo izao, ireo mpaka an-keriny sy mpanao herisetra feno habibiana, ireo feno fitsiriritana ny zavatra eo amin'izao tontolo izao (Gal. 5:19-21; Apok. 21:8). Io no toeram-ponenana mandrakizay ho an'izay rehetra nanda an'i Jesosy tsy ho Mpamonjy azy, dia ireo rehetra tsy voadion'ny ran'i Kristy. Noho izany aza mety ho fitahina ianareo fa Andriamanitra tsy azo vazivaziana fa izay afafin'ny olona no hojinjainy, ary handray ny vokatry ny asany avy izy (Gal. 6:7). Koa izay nafafintsika tamin'ny nofo sy ny fahotana dia hojinjaintsika ao anatin'ny fahoriana sy fijaliana mandrakizay. Mijanona kely ange ianao e! Ary diniho. Atao hoe misy olona iray tsy niova fo handeha ho any antranony satria azy ny trano, nefa nosakanana izy tsy hahazo hiditra ao satria tsy nety nandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy azy izy hatr'izay hatr'izay. Noho izany, ny mpanota mafy fo rehetra dia mihamanatona hatrany ny fahafatesana miaraka amin'ny vatana feno fanaintainana sy fanahy feno tebiteby sy tahotra. Ny fahafatesana tokoa mantsy dia ho avy tampoka amin'ny ora tsy ampoizina amin'ny fotoana mahavariana azy indrindra. Noho izany diat tsy maintsy atrehinao izany na ho tianao na tsia eny fa na dia mangidy indrindra aza. Tapitra hatreo ny fahafinaretan'ny nofo tamin'ny ota natao rehetra, ary ny vokatr'izany fahotana izany dia hovidina lafo dia lafo tokoa, ary tsy maintsy aloa ny sarany (Rom. 6:23). Ny tahotra ny helo dia hangeja ny fanahiny sy hampahory azy indrindra, na dia mba te hivavaka aza izy amin'izany fotoana izany dia tsy hahakasika an'Andriamanitra intsony ny vavaka ataony, ary tsy ho afaka hifandray Aminy intsony izy. Na dia ireo namany akaiky teo aloha aza, dia tsy sahy hanatona azy intsony eo amin'ny farafara aharariany, na dia ny teny fampaherezana mety hataony koa aza dia tsy afaka hanampy azy intsony, ary ireo harena maro nangoniny tety an-tany, izay azo tamin'ny tsy fahamarinana dia tsy afaka hamonjy ny fanahiny velively, na hampitony ny fanaintainany, na hanalavany ny andro iainany, eny fa na dia handefa eritreritra any amin'Andriamanitra koa aza dia tsy avelan'i Satana hanao izany intsony. Ireo zavatra rehetra nankafiziny taloha tety an-tany ireo dia toa maneso azy avokoa, ary ireo olona nianteherany tety an-tany sy nitokisany, dia tsy afaka hanampy azy velively

intsony. Eo indrindra izy vao mahatsiaro fa zava-doza ny azon'ny tanan'Andriamanitra velona (Heb. 10:31). Mba miezaka ihany izy indraindray handefa ny eritreriny any amin'Andrimanitra, eo am-parafara ialany aina, nefa tsy misy vokany intsony izany satria efa diso aoriana loatra. An'arivony maro ny olona no nopaohin'ny fahafatesana tampoka, tsy afaka nifandray tamin'Andriamanitra intsony eo am-parafara ialany aina. Izany indrindra no antony itaomana antsika mba hitady an'i Jehova dieny mbola hita Izy (Isa. 55:6).

Koa ny mpanota, izay eo am-bavahaonan'ny fahafatesana, nefa nanda ny fahasoavana sy ny fitiavan'Andriamanitra nandritra ny andro niainany tety an-tany, dia ho tratry ny nenina mandrakizay. Ankehitriny ary dia aoka hihaino tsara ny feon'i Jehovah izay mbola mampahery anao ankehitriny fa rahatrizay kosa dia tsy maintsy hihaino ny Feon'ny Mpitsara ianao, dia ilay Mpamonjy nolavinao. Ka hiteny aminao amin'izay ora izay manao hoe: "miala Amiko hianareo izay voaozona ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny (Mat. 25:41). "Voatendry ny ho faty indray mandeha ny olona, rehefa afaka izany dia hisy fitsarana." (Heb. 9:27).

## IZAO KOSA DIA HOJERENTSIKA ILAY TOERAM-PONENANA TSARA SY TONGA LAFATRA INDRINDRA

"Tsy hisy alina intsony amin'izany toeram-ponenana izany, ary tsy mba mila ny fanazavan'ny jiro na ny fanazavan'ny masoandro, fa ny fahazavan'Andriamanitra no manazava azy." (Apok. 22:5). Araka izay efa voasoratra manao hoe: "Izay mbola tsy hitan'ny maso, na ren'ny sofina, na niditra tao ampon'ny olona no efa nomanin'Andriamanirta ho an'izay tia azy." (1 Kor. 2:9). Tsy misy koa fiteny ety an-tany, na fanambarana mahalaza sy mahatonona ny fahalebiazan'ny voninahitra any an-danitra, satria tena tsara sy tonga lafatra tokoa. Io no ho toeram-ponenan'ireo izay mibebaka marina. Tsy mba hidirta ao mihintsy izay tsy masina sy izay nanao vetaveta, na izay mandainga fa izay voasoratra ao anatin'ny bokin'ny fiainana, izay an'ny Zanak'Ondry ihany ny anarany. Tsy ho azonao vidim-bola mihitsy io toerana io na ho azonao tamin'ny asa nataonao. Tsy afaka hiditra ao mihitsy ianao amin'ny alalan'ny fananihana fefy na amin'ny alalan'ny fombafombam-pivavahana, fa amin'ny alalan'i **Jesosy Kristy irery ihany** araka ny voasoratra hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy misy mankany amin'ny Ray raha tsy amin'ny alalako." (Jao. 14:6). Io ilay toerana nambaran'i Jesosy voalaza ao amin'ny Jaona 14:2, dia ilay toerana efa nomaniny. Marihina tsara anefa fa io toeram-ponenana any andanitra io dia natao manokana ho an'izay voavela heloka sy madio am-po irery ihany. Maro tokoa mantsy ny Kristiana manantena ho tafiditra ao amin'ny paradisa amin'ny alalan'ny fitondrany fitafiana tsara sy sarobidy. Tsia fa ambonin'ny zavatra rehetra dia ny fanananao fiainana madio sy masina ihany no hahatafiditra anao ao, fa tsy fanarahanao ireo fombafomba maro eo amin'izao tontolo izao.

Ny mpanota rehetra tsy nety nibebaka nanda ny famonjen'i Kristy dia mizotra mankany amin'ny fahaverezana ny diany. Koa tsy misy azontsika atao afa-tsy ny fiekena heloka eo anatrehan'Andriamanitra,, araka ny voalaza hoe: "Raha miaiky ny fahotantsika isika dia mahatoky sy marina Izy, ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra." (1 Jaona 1:9). Hoy Jesosy: "Izaho no fananganana ny maty sy fiainana. Izay mino Ahy na dia maty aza dia ho velona indray, ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay." (Jao. 11:25-26). "Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana." (Jao. 5:24). Marihina tsara fa ny tena Kristiana marina dia tsy mba voagejan'ny tahotry ny fahafatesana intsony. "Ny fahafatesana noresena ka levona. Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao. Ry fahafatesana ô aiza ny fanindronao, fa ny ota no fanindron'ny fahafatesana, ary ny lalàna no herin'ny ota. Fa isaorana Andriamanitra Izay nanome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompotsika." (1 Kor. 15:54-57).

Ny olona tsirairay izay velona ka niara-nandeha tamin'ny Tompo, dia tsy mba hatahotra ny fahafatesana intsony. Koa rehefa tonga ny fotoana ialany ety dia handeha amin'ny fifaliana izy araka ny tenin'i Paoly manao hoe: "Sanganehana eo anelanelan'izy roroa aho ka maniry hiala ho any amin'i Kristy satria tsara lavitra izany." (Fil. 1:23). Maniry mafy te-hahita ny tavan'i Kristy Ilay maty ho azy teo ambony hazofijaliana izany lehilahin'Andriamanitra izany. Mampahatsiahy antsika koa ny tenin'i Jesosy manao hoe: *"Aza malahelo ny fonareo. Minoa an'Andriamanitra ary minoa Ahy koa. Ao antranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany dia efa nilaza taminareo Aho fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa. Ary fantatrareo koa ny lalana ho any amin'izay halehako.* (Jao. 14:1-4).

Ankehitriny, mijanona kely ange ianao e, ka jereo sy diniho tsara ny Kristiana hiainga ho any amin'ilay fonenana mandrakizay. Indro ny enjelin'Andriamanitra efa vonona haka ny fanahiny ho any amin'Andriamanitra. Tsy mba hita soritra eny aminy intsony ny tahotra eo am-pialana aina. Misaraka amin'ny vatana mety maty mantsy ny fanahiny amin'izay fotoana izay, ary mihazakazaka manatona ny varavaran'ny paradisa, ary hiantoraka eo antsandrin'Ilay maty ho azy, dia Jesosy Kristy. Fandraisana makotrokotroka no handraisana azy eo anatrehan'Andriamanitra arahin'ny fiarahaban'ny Tompo azy manao hoe: "Tsara izany ry mpan ompo tsara sady mahatoky. Nahatoky tamin'ny kely hianao ka ho tendreko ho mpanapaka ny be; midira amin'ny fifalian'ny tomponao." (Mat. 25:21).

Noho izany dia tsy manam-pahefana aminy intsony Satana, araka ny voalaza manao hoe: *"Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny tompo hatramin'izao. Eny hoy ny fanahy fa hitsahatra amin'izay nisasarany izy fa ny asany manaraka azy." (Apok. 14:13).* Koa ankehitriny mivonona hianao hanao toy ny nataon'ilay zanaka adala, tapa-kevitra hiverina amin'ny rainy rehefa nahatsapa ny fijalliana sy ny hanoanana nahazo azy ka nanao taminy hoe: *"Hiainga aho ho any raiko." (Lio. 15:18).*

*Noho izany, dia maneke tanteraka an'i Jesosy ianao anio fa aza mangataka andro intsony, indrindra amin'izao toerana misy anao izao; aoka handohalika eo anatrehan'Andriamanitra ianao ka hiaiky ny maha mpanota anao, ary hangataka Azy mba hanadiovany anao amin'ny rany sarobidy, ary ekeo manontolo ho eo amin'ny fiainanao Jesosy. Ary rehefa vitanao izany dia aoka hiamboho tanteraka an'i Satana izay nitarika anao teo aloha ho any amin'ny fahaverezana. Fa ankehitriny kosa dia hizotra amin'ny làlana mankany amin'ny fonenan-tsambatra mandrakizay ianao.*

---

Le livre du "Coeur de l'homme" peut être obtenu en plus de 500 langues et dialectes parlés dans le monde entier, à savoir: Afrique, Amérique, Asie, Extrême Orient, Europe.

Nous vous invitons à nous contacter pour faire des arrangements concernant de nouvelles traductions de notre littérature nous informant de la langue dans laquelle vous pouvez traduire cette littérature évangélique. Votre aide sera beaucoup appréciée.

Si vous avez trouvé le salut en Christ ou si vous avez été béni par notre littérature, nous vous prions de nous le faire savoir. Nous aimerions remercier Dieu avec vous et prier pour vous.

Pour obtenir gratuitement de la littérature évangélique, des livres et des traités en plus de 540 langues, écrivez à:

**E-MAIL: info@angp.co.za**
**ALL NATIONS GOSPEL PUBLISHERS**
**P.O. BOX 2191, PRETORIA, 0001, R.S.A.**
(Une Mission de Littérature évangélique financée de dons)
(Reg. No. 1961/001798/08)